

## TOETRA TOKONY ITAFIAN'NY KRISTIANA

Ny tenin'Andriamanitra dia torolalana ho an'ny mpanaradia an'i JESOA KRISTY. Ny teniny dia mampianatra sy manoro ary manitsy antsika amin'ny zavadrehetra miseho amin'ny fiaiantsika.

Noho izany izay milaza azy ho Kristiana dia mila mitafy ireto toetra ireto araka ny teniny ao @ **Efe 4: 17-32 / 5: 1-7**

<b>Efe 4: 17-32 / 5: 1-7</b>	<b>TOETRA BAIKON'A/TRA HO ATAO</b>	<b>Famakafakana</b>
<b>EFE 4: 17-19</b>	Tsy mandeha intsony araka ny fanaon'ny Njetilisa	Ireo izay mbola tsy nandray an'i Jesoa Kristy dia mandeha araka izay tiany (olon-ko azy), hany ka manolotena @ fanaovan-dratsy.
<b>EFE 4: 20-21</b>	Manaraka ny fampianarana napetrak'i Jesoa Kristy ny mpanara-dia azy	Manaraka sy mankatò ny baiko napetrany izay milaza ho mpanara-dia azy
<b>EFE 4: 22-24</b>	Miala @ toetra sy ny fitondrantena ratsy taloha ary mitafy toetra vaovao: fahitsiana, fahamasinana, fahamarinana	Afaka oharina toy ny fanamiana ao @ sekoly iray. Izay manaiky hiditra ao, tsy maintsy manaja ny fepetra apetraka hoe tsy maintsy manao an'ity fanamiana ity ny mpianatra rehetra. Koa izay tsy manaja dia oharina tahaka ny zaza tsy manara-dalana ka afaka roahina
<b>EFE 4: 25</b>	Esory ny lainga ka aoka samy hilaza ny marina	Misy karazan'olona tia mamorondainga nefo hahatonga @ fahapotehan'ny tenany ihany izany. Tsarovy, ny rain'ny lainga dia ny devoly
<b>EFE 4: 26-27</b>	Mila manadio fo	Ny fahatezerana dia vavahady iray lehibe ahafahan'ny devoly miditra sy mitoetra ao @ olona iray
<b>EFE 4: 28</b>	Aza mangalatra fa mikeleza aina	Ankasitraho sy ampiasao izay anananao. Na be na kely anananao dia afaka hitahian'ny Tompo anao ny zavatra eo am-pelatananao, ary tsy ianao irery intsony aza fa na dia ny hafa ihany koa.(Jereo ilay diloilokely nanan'ilay mpitondra tena, lasa diloilokely nety ritra, nanambinan'A/tra azy sy ny hafa. Na dia mosarena aza dia indro mbola nisy diloilokely tao an-tanàna).
<b>EFE 4: 29-30</b>	Mahafehy ny teny aloaky ny vava, aoka izay ny teny maloto	Raha hiresaka dia aoka izay mba hampandroso sy ahazoana fahasoavana no atao fa tsy lany andro @ fitsikerana ny hafa. Fa ny Fanahy Masina dia tsy mipetraka fa miala ao anaty rehefa manomboka miteniteny foana tsy araka an'A/tra ny olona iray
<b>EFE 4: 31</b>	Atsaharo ny fanaovana fo lentika, fahavinirana, fahatezerana, fitabatabana,fitenenan-dratsy, lolompo	Atsaharo ny adiady, aoka tsy ho re intsony ny hoe: "Tadidiko foana aloha ny ratsy nataony ahy". Aoka tsy hitahiry alahelo. Fantaro ihany koa fa tsy hoe rehefa mitabataba ianao dia hihaino ny hafa, fa mety ho tezitra izy dia tsy ho taftita ny hafatra; tsarovy fa tsy ianao no miasa hanova olona iray fa ny fanahin'A/tra.
<b>EFE 4: 32</b>	Malemy fanahy, miantra, mifamela heloka	Ny kristiana dia mila mihavana na @ fahavaloo aza. Ary mahay mamela heloka foana raha tsy izany dia tsy avelan'ny Tompo koa ny antsika.
<b>EFE 5: 1</b>	Manahaka ny toetran'A/tra izay manaiky ho zanany	Mahafoy izao tontolo izao; manombo nynofony mbanin'ny filàny. Manety tena ary mijoro ho vavolombelon'i Kristy @ lafiny rehetra
<b>EFE 5: 2</b>	Miaina @ fitiavana	Porofom-pitiavana nasehoan'i Jesosy dia ny tenany no natolony hamonjy antsika. Ny handidiany antsika kosa dia "Tiava ny Namanao tahaka ny tenanao, ary tiava an'i Jehovah A/trao @ fo-fanahy-saina-herinao rehetra"
<b>EFE 5: 3-5</b>	Atsaharo ny resaka sy ny fanao vetaveta rehetra	Izay mbola mankamamy ny resaka sy ny fanao vetaveta rehetra dia manana ny anjara toerany any @ fahaverezana mandrakizay. Koa mitandrema @ zavatra atao rehetra. Mandosira @ fakampanahy rehetra
<b>EFE 5: 6-7</b>	Aoka tsy hihombon'ota @ izay manao ratsy	Tandremo sao voafitaka. Fa isika dia zanak'ondry eny afovoan'ny ambodia. Mitandrema, miambena fa fetsy ilay ratsy ka mitady ny fomba rehetra ahafahanay mandavo anao.